

Mpamadika tanindrazana

3

Fifidianana

2

Miezaka mifampiaro ireo olon-dRajoelina

Tafajoro ny biraon'ny KMMR ao Anjeva Gara Avaradrano

NY VALO SOA
 Gazety miseho intelo isan-kerinandro
 (Talata - Alakamisy - Jabotsy) **VAOVAO**

5
 Marc **RAVALOMANANA**

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Sabotsy 30 septambra 2023

Laharana 1478

Vidiny : 600 Ar

Vondron'ny kandida 11

2

13 mey amin'ny alatsinainy Mahamasina sy Amparibe omaly



Fifidianana filohampirenena

3

Andry Rajoelina

2

Ravalo, Siteny, Hajo ary Tahina hatreto no nanafatra helikôptera

Lohalaharana tamin'ny tsy fanajàna lalàmpanorenana



Lanonam-pamadihana 6
 Nanararaotan'ny sasany nanaparitahana vola sandoka

Belgique, Pays, Luxembourg 6
 Nanomboka ny taom-pianarana kabary Malagasy

Daka kely

 Mbola nanome habobo ny tanora indray ve ialahy ry Boaikely a !

VONDRON'NY KANDIDA 11

13 mey amin'ny alatsinainy, Mahamasina sy Amparibe omaly

Nanao diabe nan-keny amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny Kolontsaina Mahamasina omaly, ireo vondron'ny kandida filohampirenena miisa 11, na tsy tafiditra aza izy ireo satria nosakanan'ny mpitandro filaminana, azo lazaina fa fahombiazana izany hetsika izany. Tsy nisy akory ny lalao handball tao amin'ity Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina ity, fa fialana bala no nataon'ny tompon'andraikitra ny Tafita miandraikitra ity toerana ity. Olona marobe no nanao dia azy ireo teny antoerana. Rehefa tsy tafiditra tao Mahamasina izy ireo, niverina nihazo an' Ambohidahy sy Ambohijato, mbola tsy nisy eritreritra ny ho eny amin'ny kianjan'ny 13 mey aloha omaly io, fa raha ny fanambarana heno dia ny alatsinainy izao ny fotoana eny Analakely raha toa ka mbola avela hirotsaka ny kandida vazaha; raha toa ka tsy hovanina ny governemanta misy ankehitriny izay fitondram-panjakana mitanilapa; ary raha toa ka tsy nahatratra ny CES: Tribunal Manokana Hisahana ny Fifidianana. Rehefa tsy tanteraka ireo dia eny amin'ny kianjan'ny 13 mey ny rehetra amin'ny alatsinainy ho avy izao. Fa ankoatra izany, « tsy mahalala menatra, olona 11 dia atahorana », hoy



Ny hetsika an-dalambe notarihan'ireo kandida 11 teny Mahamasina omaly.

ny antsoantson'ireo olom-pirenena maro teny Analakely niantso ireo tafipanjakana nibahana ny araben'ny fahaleovantena tokony ho nanomboka tamin'ny 3 ora tolakandro omaly. Dia gaga sy soarena ny vahoaka nahita ny fihetsik'ireo tafi-panjakana nisakana ireo fiara tsy hamakivaky ny lalana nanomboka teo Andohan'Analakely mihazo eny amin'ny tsangambaton-dRalaimongo iny. Rezimanta be izao mihitsy mantsy no nampiasaina ho famoretana indray. Dia mitombina tokoa ilay teny aloha nataon'ny olom-pirenena hoe "tsy mahalala menatra", satria tena manao fihetsika manaraka baikom-bazaha marina. Kanefa, tsiahivina tamin'ny andron-dRalai-

mongo ny taona 1929, tao anaty fanjanahantany mihitsy, no namakivakian'ny vahoaka Malagasy niantsoantso "Fahaleovantena! Fahaleovantena", tsy nisy miaramilam-panjanatany, tsy nisy sonegaly nanakana azy ireo anefa tamin'izany. Izao, 63 taona niverenan'ny fahaleovantena, Miaramila malagasy manakana vahoaka malagasy maneho hevitra manohitra fa tsy mila vazaha frantsay hirotsaka hofidiana filohampirenena. Dia inona izany no ilazana hamaritana ireto mpanakana vahoaka malagasy ireto tsy haneho hevitra an-dalambe? Inona no iantsoan'ny vahoaka malagasy azy ireo hatramin'ny lehibeny mpibaiko sy mpaniraka azy? Izao sisa

no niafaran'ny firenena malagasy, rehefa olona tsy natao hitondra no mitana fahefana. Lesondratsy hatrany no aseho sy tadiavina hitoetra eto hamoretana ilay vahoaka malagasy mbola mandala aloha hatreto ny filaminana, noho ny fampahantana natao azy. Rezimanta no ampiasaina hamoretana vahoaka amin'ny resaka politika fiarovantseza sy tombontsoa manokana, ny asanjolahy sy dahalo anefa na an-drenivohitra na ambanivohitra tsy voafehy mihitsy ary tsy vita ny andraikitra nomena azy. Toy ny mahery an-tanàna fotsiny ireto eto an-drenivohitra ireto, toy ilay tsy tononina fa samy mahalala...

Sôh'son

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Miandry fiaraha-mientana amin'ny fanatanterahana ny Vinan'Andriamanitra

Ao anaty volon'andron'ny fifidianana isika amin'izao fotoana izao. Anisan'ny andrasan'ny vahoaka amin'ireo kandida izay mirotsaka ho fidiana filohampirenena ny fanolorany vinam-piarahamonina, ho an'ny firenena hoentina mampandroso azy. Zava-dehibe ny fananan'ny mpitarika vina ho tari-dalana amin'ny fampivoarana sy fampandrosoana ny firenena. Sain'olombelona ihany no miketrika mamolavola azy ary mijery ny zavamisy eo amin'ny firenena no hamaritany azy. Mazava loatra fa rehefa sain'olombelona dia voafetra ihany satria voafetra ny fahalalan'olombelona. Ny vinan'Andriamanitra kosa anefa dia tsy izany fa tsy voafetra ny Azy. Andriamanitra dia manana ny vinany manokana hoan'ity firenena ity. Efa hatramin'ny ela no nanolorany izany hoan'ny Malagasy, izay nampitainy tamin'ny olom-boafidiny. Vina ny amin'ny lalana hisandratana'i Madagasikara, ka hiavaka amin'ny hafa. Efa hatramin'ny fotoana ela no nanolorany izany, fa isika malagasy tsy nihaino Azy, araka ny fanazavan'ny Filohan'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK) Ricky Andriamparany. Izany indrindra no nahatonga ireo mpikambana ao anatin'ity Vovonana ity, hijoro sy handray andraikitra ho atao fitaovan'Andriamanitra ho amin'ny fanatanterahana izany Vinan'Andriamanitra izany. Efa aman-taonany maro izay, efa tany amin'ny taona 2017 tany no efa nanomboka ny asa miompna amin'izany ny AFK. Maro ny asa efa natao, toy ny fanatonana sokajin'olona tomponandraikitra samihafa na an'ny fanjakana na hatrany amin'ny fiangonana sy fikambanana



Ny filohan'ny AFK, Ricky Andriamparany.

isan-karazany. Nisy ny avy dia nandray, nisy ireo mbola nieritreritra, nisy ny nisalasala na ny nihemotra tsy tapa-kevitra. Tsy voaray ve fa Andriamanitra mihitsy no efa miditra an-tsehatra, fa tsy mijery fotsiny ny manjo ny Malagasy, hanarina ity firenena ity sy hanandratra azy. Mbola fotoana anefa izao amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra hiara-hientana amin'ny AFK. Miandry azy ireo mandrakariva ny AFK amin'ny fitondrana anjara biriky. Efa vonona rahateo eo am-pelatanany ny fitaovana ho amin'ny fanatanterahana izany fa ny manainga no sisa. Fanatanterahana izay tsy iandra-sana sy ilàna famatsiam-bola vahiny avy any ivelany. Tsihivina mandrakariva, fa ny AFK dia tsy fiangonana ary tsy manao politika. Fifandraisana 034 17 460 53.

Aris

Ny Valosoa sy fakafaka

Andry Rajoelina

Lohalaharana tamin'ny tsy fanajàna lalampanorenana

Efa tsy eo amin'ny fitondrana intsony i Andry Rajoelina fa ny zavatra hita dia toa mbola voabaikony ireo mitondra ankehitriny. Na governemanta io na ny HCC tompon'andraikitra amin'ny fitsarana tsy azo ivalozana. Raha ny fantatra aloha nandritra ny fitondran'ny dia marobe ireo tsy fanajàna ny lalampanorenana. Ohatra fotsiny amin'izany ny fiantsoany ny solombavambahoaka teny amin'ny Arena tamin'ny fotoana nanaovan'ny depiote fitsipaham-pitokisana ny governemanta tamin'ny fotoan'androny, izay raha ny fantatra dia depiote miisa 105 no nanao sonia tamin'izany. Vao nantsoin'i Andry Rajoelina teny amin'ny Arena foiben-toeran'ny TGV ireto farany dia nitsefotra ny fitsipaham-pitokisana saika hatao. Izany dia tsy fanajàn'i Andry Rajoelina ny lalampanorenana satria tsy azon'ny filohampirenena atao ny mamory solombavambahoaka, antaratasy ihany no azon'izy ireo ifandraisana. Teo koa ny nanendreny ny governora miisa 23, izay tsy ao anaty lalampanorenana ny momba azy ireo. Ankehitriny, efa tsy mitondra intsony i Andry Rajoelina dia mbola miseho lany ihany ny tsy fanajana lalàna tamin'ny nanendrena ny governemanta iraisana entin'i Ntsay Christian itantana ny firenena, izay mbola Rajoelina Andry no mibaiko sy tompon'izy ireo. Manamarina izany ny tsy nanomezana toerana ny kandida miisa 11 hanao tatitra amin'ny vahoaka tao amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena tao Mahamasina, raha afaka nanao izany ny TGV nanolotra an'i Andry Rajoelina vazaha ho kandida indray. Ny fantatra dia tsy hanaiky lembehana manoloana ny tsy fanajàna ny lalàna ny kandida miisa 11, fa hiady mba hisian'ny fanajàna lalàna eto amin'ny firenena, hisian'ny fidianana madio eken'ny rehetra. Andrasan'ny maro ny tohin'ny hetsika izay natao omaly teny Mahamasina, satria ny vahoaka koa raha ny heno teny an-toerana dia efa leo mpitondra tsy manaja lalampanorenana sy mampijaly vahoaka ary tofoka amin'ny mpitondra tranon-dainga.

Helisoa

Fifidianana

Tafajoro ny biraon'ny KMMR ao Anjeva Gara Avaradrano

Tafatsangana ny alakamisy teo, tao Andoharano, kaominina Anjeva Gara distrikan'Antananarivo Avaradrano, ny KMMR Anjeva. Nanotrona azy ireo tamin'ny fananganana izany ny solontenan'ny birao KMMR Avaradrano. Lany tao anaty fifidianana ho:

- Coordonnateur Principal na mpandrindra ankapobeny: Randriantersoa Gilbert.
- Coordonnateur Adjoint na mpandrindra lefitra: Randrianarisoa Gilbert.
- Sekretera jeneraly: Ratsimbazafy Lucien.
- Mpitambola: Randrianaivojoana Bruno.

Vonona hiasa sy hanentana ireo olona rehetra tsy ankanavaka ao amin'ity kaominina ity izy ireo, hanatevina ny fanohanana ny kandida laharana faha-5 amin'ny biletà tokana, ny filoha Marc Ravalomanana. Fandresena no teny filamatr'izy ireo.

Niaina



Ny nananganana ny KMMR tao amin'ny kaominina Anjeva Avaradrano.

Ny Valosoa sy hadihady

Miezaka mifampiaro ireo olon-dRajoelina, mpamadika tanindrazana

Amin'ny fotoana niandrasana azy hiteny sy hitondrana fanazavana hoan'ny vahoaka, tsy niteny, fa izao vao miseho tampotampoka ry Eric Rakotoarisoa, filohan'ny Hcc teo aloha, sy ny filohan'ny Antenimierandoholona Herimanana Razafimahefa, tsy niteny. Efa tsy fotoana ilana ny fanazavan'izy ireo intsony izao satria mihazakazaka ny fotoana. Karazan'ny fandanian'andro ny rehetra aza no ataon'izy ireo. Fanadiovan-tena, fiarovan-tena, fanamboamboaran-dresaka mba tsy ilazana hoe familian-tsaina ny vahoaka tsy hibanjina ny zavamisy marina amin'ny raharaham-pirenena. Efa fotoana fandraisana fanapahan-kevitra haingana ary ao anaty fotoana fohy sy voafetra izao, fa tsy misy ilana azy ireo intsony, satria miharo tetika maizina no ataon'izy ireo. Ny tetika maizina katsahina fatratra ho tanteraka eto dia ny hamerenana an'i Andry Rajoelina, izay frantsay, ho eo amin'ny fitondrana indray. Olona izay mamela ny mpitondra frantsay hanagorobaka hatrany ny harem-pirenena sarobidy eto amin'ity firenena ity. Tetika maloto izay famotehana firenena tsotra izao, famarotana ny tanindrazana amin'ny mpitondra frantsay sy ireo vahiny miaraka aminy toy ireo teratany karana sasantsasany eto. Famadihana tanindrazana tsotra izao izany fikasana izany, ary izany no tadiavina mbola hahazo vahana eto, fa ailika kosa ireo olom-pirenena tia tanindrazana saropiaro amin'ny fiandrianam-pirenena. Ireto farany

aza dia tadiavin'ireo olom-bitsy mpanagorobaka ny harem-pirenena ireo, lazaina ho mpanakorontana indray, izany no resaka aely amin'ny haino vaky jery mpiara-dia sy mpanohana azy ireo. Miharihary fa efa miseho vantana mihitsy ireo vondron'olom-bitsy mpiaro tombontsoa manokana sy seza amin'izao fotoana izao manao ny fomba rehetra iarovan-tena na dia efa hitam-poko hitam-pirenena izao aza, fa lalandiso tanteraka no tadiavin'izy ireo hitondrana ny firenena. Amin'ny zoro iray hafa dia azo ambara mahitsy ho « mafià » mihitsy izy ireo, ary iaraha-mahalala tsara ny fomba ratsy fiasan'izany. Dia ireny miseho ireny, ohatra, ny ataony amin'ny filohan'ny Antoko Politika Madio. Efa nisy ny hafa voany toy izany ary nofaiziny mihitsy toa ireo efa any am-ponja ankehitriny. Izay manelingelina azy mafy amin'ny tombontsoany sy ny sezany dia itadiavany hevitra izay hamelezana azy. Fantatry ny vahoaka tsara izany fomba ratsy izany, ary famitahana sy fihatsarambelatsihy fotsiny ny teny hoe "fitiavana no lehibe indrindra", fa ny mifanohitra amin'izany no tena fomba fiheverany. Tsy atao hahagaga mihitsy raha toa ka tsy niraika tamin'ny fampiraisan-kina ny vahoaka malagasy manontolo ny fitondrana Rajoelina sy ny forongony. Ny politika fototra ampihariny dia politika maloton'ny mpitondra frantsay ihany dia ny "zarazarao hanjakana", ailika izay tsy manara-dia sy tsy misolelaka azy.

Sôh'son

Fifidianana filohampirenena Ravallo, Siteny, Hajo ary Tahina hatreto no nanafatra helikôptera

Ny kandida filoha Marc Ravalomanana, N°05, na Ravallo, ny kandida Siteny Randrianasoloniako, Hajo Andrianainarivelo ary ny kandida Tahina Razafinjolaina hatreto no kandida ho filohampirenena nanafatra helikôptera hampiasaina amin'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana filohampirenena hatao eto amin-tsika ny 9 novambra ho avy izao. Io no nambaran'ny tale jeneralin'ny ACM: Aviation Civile de Madagascar Gervais Damasy, nitafa tamin'ny mpanao gazety afak'omaly teny Tsimbazaza. Nisy ny nangataka 4, fa 2 ihany aloha no nekena hoy izy, mba ho fisorohana ny mety loza hitranga raha sanatria ka maro loatra ny angidimby hifamoivoy amin'ny lanitr'i Madagasikara amin'ny propagandy ho avy io. Roa volana mialoha, no tokony hanaovana fangatahana amin'ny fampidirana helikôptera izay, efa dila anefa ny fotoana, ka nisy ny fepetra manokana noraisin'ny ACM, namelana ireo hangataka hanao izany. Hatreto aloha izany, kandida 4 amin'ny 13 no nanao izay fangatahana hampiasa angidimby amin'ny fampielezan-kevitra izay, heverina fa ho avy ihany koa ny hafa. Ny fifidianana ihany hoy ny rehetra no vahaolana amin'izao krizy eto amin'ny firenena izao, tokony ho marina sy madio ary mangarahara anefa izany.

Isambilo



Ny tale jeneralin'ny ACM, kôlônely Damasy Gervais.

RAHARAHAM-PIRENENA

Mbola manjavozavo ny fifidianana amin'ny 9 novambra

Hita sy tsapa fa atosito-sika tokoa ny ondry botry hoy ny fitenenana mahita ireo manodidina an-dRajoelina, manao di-doha mafy hoy ny rehetra manohana azy amin'ny tsy rariny izay misy sy mitranga ho enti-miatrika ny fifidianana. Ny feo re dia milaza fa manahirana ny eny Mahamasina omy, sy ny fahitana ireo mpanohana an-dRajoelina tonga teny amin'ny Hotel Colbert, milaza fa mbola tsy fantatra ny ho avin'ny fifidianana ny 9 novambra ho avy izao. Olo-malaza efa nihinana sy nanahirana teto fahiny ireo omaly ireo, mbola mitsapa sao mba mahazo anjara raha tafaverina eo i Boaikely, nefa toa efa ho nofinofy izany sisa, rehefa nametra-pialana Rajoelina ny 9 septambra lasa teo, midika izany fa tsy ho tafaverina eo intsony ny tenany.



Kara-pifidianana navoakan'ny CENI.

HCC sy ny Ceni koa dia efa mahakivy ny rehetra, ary nahagaga ihany ny nahare ny filohan'ny Antenimierandoholona nilaza indray, fa handray ny andraikiny izy nefa efa voasongon'ny Praiminisitra sy ny governemata, ka azo ambara fa maizimaizina tokoa ny zava-misy ankehitriny. Betsaka ireo sakantsany fahavitany. Ny asa fampandrosoana dia efa tanjon'ireo kandida 11 hirotsaka amin'izany, fa ny

ny natao taminy, ao ireo anarana diso, ao ireo mahazo karatra 3, ao ireo fianakaviana iray trano, olona 2 fotsiny no mbola nahazo, fa ny 5 hafa mbola tsy nahazo anjara raha niarahana natao tamin'ny fanisam-bahoaka ny karany. Misy fanaterana karatra isan-trano tsy mazava, mitombo ny anaram-pokontany ka ny mba fanirian'ny maro dia ny hoe: omeo izay andraikitra sahaza azy ny Ffkm, ny fiangonana zandriny,

silamo, sns... ka ny fiangonana ao amin'ny fokontany no miandraikitra ny mpifidy sy mpanisa vato, ary manambatra izany ao amin'ny firaisana misy azy avy, vao mandefa any amin'ny foibe mpanisa vato farany, ka ho hita tsara izay fahamarinana, ary mba ho fokontany tena manana ny maha izy azy tokoa, fa tsy petatoko manara-penitra sanatria no misy.

Beharo

TONONKALO

Tsy sahy miseho masoandro intsony ?

Lasa tsy nanao veloma, tonga tsy nitenteny. Inona no itsarana ny olona tahaka ireny ? Tsy olona nanao ny marina ka mahina amin'ny ratsy atao, izay fa tsisy ankoatr'izay hoy 'reo mpanara-baovao !

Tena zary tsy ao an-tsainy ny haneho fahavononana, ka hiaraka hidinika amin'ireo filoham-piangonana, fa ny heviny dia tsotra : ny hideradera tena. Izay ilay tsisy kalitao, izay ilay tsy ampy fahendrena !

Lasa tsy nanao veloma, tonga tsy nitenteny. Hay dia tena Rainitetaka, tsy araka ny vavabeny ! Lasa mampatahotra azy, na ny mason'ny vahoaka Na ireo mpanao gazety izay miketrika ampamoaka !

...Ka dia asa, rahoviana vao ho sahy hiseho mazava, lity ilay efa kilasiana ho toy ny jiolahy mpandrava, Dia ilay efa tena niaiky fa vazaha an-taratasy, Nefa mbola te hisisika ho filohan'ny malagasy !

DADAN'i RIANA (28-09-23)

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Harenasoa A.

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Helisoa

Ny tangalamena sy ireo mpitarika ny antoko TIM ao anatin'ny fokontany 09 mandrafitra ny commune Ambodiriana, nanatanteraka fivoriana ary nanambara fa vonona hiatrika ny fifidianana filohampirenena ho avy ary hanohana ny kandida filoha Marc Ravalomanana N°05.



Fananganana ny biraon'ny KMMR natao ny alakamisy teo, tany amin'ny kaominina Anjeva distrikan'Antananarivo Avaradrano.



Miroso koa ny fametrahana ny KMMR any amin'ny kaominina any amin'ny Distrik'Amparafaravola faritra Alaotra Mangoro. Kaomina miisa 2 indray no tafapetraka ny biraon'ny KMMR dia tany Vohitsara sy Amboavory Nitarika ny fametrahana izany ny Colonel Randriamalanona Ernest, Coordonnateur KMMR District Amparafaravola.



Ny nametrahana ireo mpitarika ny KMMR: Komity Manohana an'i Marc Ravalomanana N°05 amin'ny biletà tokana, ao amin'ny distrikan'Antananarivo Atsimondrano, tetsy amin'ny Magro Behoririka.



NY TENY FIAINANA

"Ary tsy hafeniko aminy intsony ny tavako; fa haidiko ao amin'ny taranak'Isiraely ny Fanahiko, hoy Jehovah Tompo." Ezekiela 39:29

MITAIZA SOA MARCELIA

Hanatrika ny « Coupe du monde de rugby France 2023 »

Hanatrika ny lalao ankatoky ny famaranana sy lalao famaranan'ny «Coupe du monde de rugby France 2023 », hatao ao amin'ny Stade de France indray, i Mitaiza Soa Marcelia, ilay ambasadaoron'ny fikambanana "Terres en Mèlées Madagascar" amin'ity sehatra ity, taorian'ny nandeha tany Japon nanatrika ny "Coupe du monde de rugby 2019" ihany koa tany amin'ity firenena ity. Hiaraka aminy amin'izany koa amin'ity indray mitoraka ity ilay ambasadaoron'ny "Terres en Mèlées Madagascar"



Marcelia, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny sabotsy heriny.

iray hafa dia i Mariana, ka misy azy ireo ity, Ramatoa ny filohan'ity fikambanana Julia Gony, no hitarika azy

ireo amin'izany diany izany. Amin'ny faha-11 oktobra ho avy izao izy ireo no hiala eto an-tanindrazana ary amin'ny 24 oktobra 2023 vao hiverina eto Madagasikara. Ao anatin'izany dian'izy ireo izany dia voasa manokana hanatrika ny "Festival du film documentaire" hatao any Alberville France izy ireo ary afaka hifanerasera amin'ireo "lègendes du rugby mondial". Fa i Madagasikara any ivelany any dia efa antsoin'ny maro amin'ny anarana hoe : "Une nouvelle terre de Rugby".

Rainilita

Ligue des Champions Malgasy - D-2 Nationale 2023

Nifarana tamin'ny alahady teo ny dingana faha-2

Nifarana tamin'ny alahady 24 septambra 2023 lasa teo, ny dingana faha-2, amin'ny fifaninanana baolina kitra « Ligue des Champions Malgasy - D-2 Nationale 2023 », ka nampontosana tany amin'ireo Sites roa ny andro faha-5 faran'izany dingana izany. Raha ny vokatra azo dia nisongadina ny fisisan'ireo elanelan'isa mavesabesatra ihany teo amin'ireo lalao sasantsasany. Vokadalo azo tamin'izany andro faha-5 izay : Tany Antsirabe : FC JSA Level Ihorombe 2 - 9 FC JM Androy, AS JFC Atsimo Andrefana 2 - 1 Jet Bongolava, FC INATE Vakinankaratra 7 - 3 GFJT Atsimo Andrefana. Tany Mahajanga : KFCA Diana 2 - 0 ESPOIR Betsiboka, 3FB Alaotra Mangoro 6 - 1 AS 3A Amoroni Mania, FC ZOYA Boeny 4 - 1 TGBC Atsinanana.

Rainilita



Fifanandrian'ny Fc JM Androy sy FC JSA Level Ihorombe.

Groupe « Heritsaina ZJ »

Niteraka fahasoavana ny fahenoana ny sanganasany

Ny taona 2000 no nanomboka nanajary hira i Rakotoarisoa Heritsaina Andry, mpitarika ny Groupe « Heritsaina Zanak'i Jesosy ». Valibabena « Tamberim-bidy » ho an'Andriamanitra noho ireo fitahiana ara-nofy sy ara-panahy maro narotsany sy ny mbola hatolony, hoy i Heritsaina no naharesy lahatra ahy tanteraka hampiasa manontolo ny fandriazany ananako eo amin'ny lalafiny famoronana sy talendrany hira ary fitendrena zavamananeno, ho amin'ny asa fitoriana sy fiderana ary fitaomana ny Olombelona ho an'i Kristy. Iraka ampnaovin'ny Tompo ny tarika ihany koa ny hanamafy orina bebe kokoa hatrany ny finoana an'Andriamanitra ao anatin'ny tsirairay. Ampahany amin'ireo hiran'ny

Groupe « Heritsaina ZJ » efa be mpankafy ny « Rendez-vous Jerosalema ! » voarindra amin'ny gadona Salegy. Inty sanganasa inty izay marihana fa niteraka fahasitranana ho an'Olona iray izay efa nalemy nandritra ny 08 volana angarangidina ny fahenoana azy. Ny taona 2016 i Rakotoarisoa Heritsaina Andry no nana-pa-kevitra, fa hiditra miandalana ho amin'ny sehatra maha matihanina amin'ny fiangaliana ny hira evenjelika. Teo no namoahany ny kapila mangirana laharana voalohany « Tour-ko'zao » Tombony ho azy ny nilonany an-taonany maro teny anivon'ny Antoko mpihira sy ny nitendreny zavamananeno tao am-piangonana. Tsy mihanona amin'ny gadona tokam-bolo ny hira evenjelikan'ny Groupe « Heritsaina ZJ » fa misandrahaka amin'ny bankira rehetra (milamina sy mihetsika). Ny ahafahana mampita ny hafatra raiketin'ireo tononkira amin'ireo sokajin-taona rehetra tsy ankanavaka mipariaka manerantany, no tsy maintsy namolahana ny fomba filalaovana ny mozika rehetra misy eto ambany masoandro, hoy i Heritsaina. Ny volana novambra ho avy izao dia handray anjara amin'ny « Andao hidera tour » izy ireo. Nampantena i Heritsaina, fa hitohy ary tsy ho tapaka intsony ny fiakarana an-tsehatra ho an'ny Groupe « Heritsaina ZJ ». Hihatra hatrany amin'ny distrika sy ny Kaominina maro izany, ho fanabeazam-boho ny asan'Andriamanitra raha ny nanteriny hatrany. Misokatra malalaka amin'ny fiaraha-miasa rahateo ny tarika.

Lalaso Razafindrakoto



Ny Groupe Heritsaina ZJ.

Sakafo My Valosoa



Henomby sy laingon-tsôsety rony indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa ho mana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny zavamaniry mazambody

Ny soa azo avy amin'ny zavamaniry mazambody indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny mazambody na clidemia hirta no anarana ara-tsiantifikany, na voatrotkala no fiantsan'ny Malagasy azy. Zava-maniry izy ity ary eny antanimboly rehetra eny no ahitana azy.

Ny nahatonga ny anaran'ity zava-maniry ity dia noho izy sarotra ongotana amin'ny tanana, fa mafy ny vodiny na dia zava-maniry tsy lava akory aza izy. Misy voany volomparasy sy mamony fotsy ny Voatrotkala.

Manana fahafahana manalefaka ny fanaintainana izy (analgésique).

-fanafody vavony, raviny no ilaina: ampangotravana dia atao rano fisotro;

-fanafody kibo. Raha sendra manotika na mivalana: ampangotravana ihany koa;

-fanafody fery ihany koa raha sendra maratra: tsakoana dia apetaka amin'ny fery ny raviny voatsako na totoina dia fihazana eo amin'ny ratra ny ranony.

-misy ihany koa ny milaza fa azo anasitranana ny hémorroïde izy.

- ny ntaolo koa dia nampiasa azy ho solon-tsavony nasana tongotra, na ho solon'ny fifafana rehefa avy mi-voaka.

-ny mpamokatra ny toaka gasy dia anisan'ny mam-piasa ny mazambody. Andrahoina miaraka amin'ireo taharo ny toaka (fary, voankazo, sns...) izy.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Andonabe Sud distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'Andonabe Sud distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andonabe Sud ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Ny voankazo toy ny manga, ny letchi, ny soanambo. Anisan'ny tanàna mitoka-monina ao amin'ny distrikan'i Marolambo koa Andonabe Sud noho ny faharatsian'ny lalana.



AGOA AMERIKANA

Hanohana ny fitomboan'ny indostria vaovao eto Madagasikara

Nanambara ny fahavononany i Etazonia amin'ny hampiroboroboana ny sehatry ny toekarena eto Madagasikara, mba ho toekarena lovainjafy sy misokatra ho an'ny fampiasam-bola amerikana ary mitsinjo ny vahoaka Malagasy ny fiharian-karena eto amintsika.

"Ny iraka nomena anay dia ny manohana ny ezaka fampiroboroboana ny fanondranana vokatra azo avy amin'ny fambolena amin'ny alalan'ny AGOA" hoy Andriamatoa Paul Colombini, Mpanolotsaina ara-toekarena ao amin'ny ambasady amerikana nandritra ny fanokafana ny atrikasa fampiofanana mpampiofanana tarihan'ny USAID Southern Africa ny alakamisy teo.



Atrikasa momba ny toekarena niarahana tamin'ny Amerikana.

Ny AGOA (Africa Growth and Opportunity Act) dia fitaovana lehibe ho an'ireo firenena toa an'i Madagasikara hidirana amin'ny tsendra amerikana. Manampy amin'ny famoronana asa, mampiroborobo ny fampahaleovantena ara-toekarena ary

manohana ny fitomboan'ny indostria vaovao." Mamela malalaka hiditra tsy misy haba eo amin'ny tsendra amerikana

ary vokatra mihoatra ny 1.800 avy amin'ireo firenena Afrikanina atsimon'i Sahara no mpisitrika azy. **Aly**

Faha-62 taonan'ny polisim-pirenena

Polisy miisa 700 nanome rà maimaimpoana

Polisy miisa 700 no nanome rà maimaimpoana tamin'ity herinandro ity ao anatin'ny fankalazana ny faha-62 taonan'ny polisim-pirenena Malagasy. Izany no natao dia fanampiana ireo mpiara-belona mila izany. Toy ny mahazatra sy efa fanaon'ny Polisim-pirenena isan-taona ny fanomezana rà maimaim-poana ho an'ny Minisiteran'ny fahasalamana. Izany hetsika izany dia tafiditra ao anatin'ny fanamarihana ny faha-62 taonan'ny Polisim-pirenena ary mifanaraka indrindra amin'ny teny filamatry ny Minisiteran'ny filaminam-bahoaka dia ny "Polisy miaro sy manampy vahoaka".



Polisy nanome rà tamin'ity herinandro ity.

Miisa 700 ny fianakaviamben'ny Polisim-pirenena

nanome rà, notarihin'ny hoaka, Inspecteur Général de Police Randrianari-

son Fanomezantsoa. **Stefa**

Belgique, Pays, Luxembourg (Benelux)

Nanomboka ny taom-pianarana kabary Malagasy



Fanokafana ny taom-pianarana kabary Malagasy tany Luxembourg.

Nanomboka ny herinandro lasa teo ny taom-pianarana kabary Malagasy 2023/2024 any Benelux, na Belgique, Nederland na Pays-Bas ary Luxembourg. Mpikarakara izany fianarana kabary izany ny FIMPIMA Benelux, na ny Fikambanan'ny Mpikabary Malagasy any amin'ny faritr'i Eoropa iny. "Izay mitambatra vato", izay no teny filamatry ny sampana FI.MPI.MA. Benelux, tarihan'i Hery Rasoamanana. Tany Eschdorf-Gd Duche Luxembourg, no nanaovana izao lanonam-panokafana izao. Nisolontena ny Masoivoho Malagasy, ny Mpanolotsaina Voalohany, Andriamatoa RATSIMBAZAFY Eric mivady. Nankasitrahana manokana ireo mpikambana sy sakai-zan'ny FI.MPI.MA. monina amin'ny faritra Luxembourg ny mpikarakara. Nanafana ny lanonana ny tarika "Ravinala". Mbola hisy ny hetsika hataon'izy ireo ny sabotsy 28 Oktobra 2023: alin'ny mpikabary.

Niaina

Lanonam-pamadihana

Nanararaotan'ny sasany nana-paritahana vola sandoka

Nanararaotan'ny sasany nana-paritahana vola sandoka ny lanonam-pamadihana, tany amin'ny distrikan'Ambatolampy faritra Vakinankaratra iny. Vola sandoka mitentina 3.850.000 ariary no saika haparitaka tany ambanivohitra tany. Tamin'ny andro alina, tanaty lanonam-pamadihana tany Andriamingodona, any amin'ny Distrikan'Ambatolampy, no nividy zavatra: zava-pisotro misy alikaola ny tovovavy iray. Tsiakaritry ny mpivarotra fa hafahafa ilay vola 20000 Ar nomeny. Rehefa nantsoina ny zandary dia nandeha ny famotorana sy ny fisavana, ka nahasaronana ireo mpiray tsikombakomba sy olona hafa mpanaparitaka azy ireo. Hita tamin'izany ny vola sandoka 20000 Ar miisa 171; 10000 Ar miisa 2 ary 5000 Ar miisa 78. Ny tobim-paritry ny Zandarimariam-pirenena Ambatolampy no nanao ny fanadihadiana, ka nahasaronana ireo olon-dratsy.

Stefa



Ireo vola sandoka sarona tany Ambatolampy.

FJKM Tranovato Faravohitra

Antsam-panahy hiram-bavaka no hanamarihana ny faha-100 taonan'i Rado

Antsam-panahy hiram-bavaka no hanamarihana ny faha-100 taonan'i Rado: mpanoratra sy poeta Malagasy nalaza. Noho ny fanamarihana izay faha-100 taonan'i Rado na Georges Andriamanantena izay ny taranany no hikarakara io antsam-panahy hiram-bavaka io: rahampitso alahady 01 oktobra 2023 amin'ny 04 ora sy sasany (sady andro nahaterahany io), ao amin'ny FJKM Tranovato Faravohitra (tao no fiangonany fahavelony).

Isan'ireo hiram-pivavahana noforoniny izay hita ao anaty boky hiram-bavaka (hivoaka tsy ho ela) ny : Gaga, Mamiko loatra, Mainka koa, N'inon'inona hitranga, Mba tantanonao ry Raiko, Aza avela, ... no anisan'ny hiraina amin'io fotoana io. Tsy misy vidim-pidirana fa rakitra no ho tatazana.

Aly



Rado, na Georges Andriamanantena.

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
23/09/2023 hatramin'ny
30/09/2023

- **SOARY** (Iadiambola Ampasapito) 020 22 410 58/032 11 248 05
- **ANJA** (Analamahitsy) 020 26 406 55/034 51 149 73/033 17 633 22
- **PROVIDENCE** (Andohan'Analakely près ex cinéma Rex) 020 26 407 27 / 034 52 002 90 / 033 13 481 42
- **RALISON** (Antanimena) 034 44 429 51
- **RASOLONJATOVO** (Anosy en face HJRA) 032 11 220 11/038 37 00707
- **ANDOHATAPENAKA** (67ha sud Route FDC près station Galana) 034 02 670 70/032 12 670 70

- HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79
- HOMI Soavinandriana : 22 397 51
- Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21
- Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 / 22 485 17
- Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54
- Ambulances municipales : 22 200 40
- Jirama : Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel : 03 35 47 / Orange : 032 32 3547
- Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18 / 22 225 66
- Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 / 22 357 09
- 1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
- 2° Ambanidia : 22 309 46
- 3° Antaninandro : 22 291 30
- 4° Isotry : 22 280 51
- 5° Mahamasina : 22 280 48
- 6° Ambohimarina : 22 225 52
- 7° 67 Ha : 22 291 29
- 8° Analamahitsy : 22 493 25
- Brigade criminelle : 22 216 78 / 22 210 29 / 22 674 83 na 84
- GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro Vidiny: 600 Ar Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A. 034 79 076 00

MPANAO GAZETY
Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametravana 1478-09-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

VOLY FANONDRANA

Manampy ny mpamokatra lavanila ny governemanta Amerikana

Manampy ireo mpamokatra lavanila eto amintsika ny governemanta Amerikana. Nampiakatra 280 % ny varotra lavanila ireo mpamokatra tohanan'ny governemanta amerikana. Nanampy ireo mpamokatra lavanila any amin'ny faritra SAVA hampitombo ny fidiram-bolany, sy ny fidirana amin'ny tsenan'ny lavanila sady miaro ny tontolo iainana ny governemanta amerikana, tato anatin'ny 3 taona, tamin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID). Varotra lavanila amin'ny kalitao tsara indrindra, izay nahatratra 4 tapitrisa dolara mahery no notohan'ny tetikasa - fitomboana 280% nandritra ny 3 taona - ary nanangona karbaona maherin'ny dimy tapitrisa taonina. Anisan'ny zava-bitan'ny tetikasa tena manan-danja ihany koa ny nahazoana mari-pankasitrahana Rainforest Alliance sy Grown For Good, ho an'ny tantsaha mpandray anjara maherin'ny 3.000.



Tantsaha mpamboly lavanila any amin'ny faritra Sava.

USAID, NCBA CLUSA, McCormicks Global Ingredients Limited Company, ireo orinasa mpanondrana lavanila eto an-toerana no niara-nivondrona hanantanteraka an'ity tetikasa ity. Nahitana fiarahamiasa teo amin'ny fanjakana sy ny tsy miankina ihany koa ny tetikasa, izay nanampy ny koopeativa hamokatra zana-kazo maherin'ny 300.000, sy hanatsara ny fitantanana ny harena voajanahary amin'ny tany maherin'ny 5.000 hektara. Ny tetikasa ihany koa dia nanatsara ny fahaizan'ireo vondrom-piarahamonina ifotony hitantambola, ka namorona vondrona miisa 55 miara-mitahiry sy mifampindram-

bola, ary ahitana mpikambana maherin'ny arivo, izay nanatsara ny faha-zoana tolotra ara-pahasalamana ho an'ny tokantrano miisa 435. Nanamarika ny Talen'ny Biraon'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Ara-toekarena eo anivon'ny USAID/Madagasikara, Benjamin Skolnik, nandritra ny lanonana famaranana natao tany Andapa, fa "Na dia eo aza ny fioavaovan'ny tsenan'ny lavanila eto Madagasikara, dia afaka nanatsara ny fidiram-bolan'ny mpamokatra ity tetikasa ity ary nisy fiantraikany lehibe teo amin'ny tontolo iainana eto an-toerana. Ny fampifandraisana ny vokatra mihatsara amin'ny ala salama no tena fanalahidin'ny firoboroboana ara-toekarena sy ara-tontolo iainana." Mikasa ny hanohy ny asa any amin'ny io faritra io ny USAID amin'ny alalan'ny hetsika ho avy. Miara-miombon'antoka amin'ny Madagasikara i Etazonia amin'ny fiarovana ny zavamananaina tsy manam-paharoa ao amin'ny firenena. Nanom-

boka tamin'ny taona 2013, ny USAID dia nanolotra programa efa ho 80 tapitrisa dolara izay mam-piroborobo ny faharetana, manatsara ny fiveloman'ny vondrom-piarahamonina eo an-toerana, manamafy ny fitantanana

ny harena voajanahary, mampihena iraisam-pirenena fanondranana biby an-tsokosoko, ary miaro hekitara an'arivony avy amin'ny fitrandrahana tsy ara-dalàna.

Andro eran-tanin'ny farmasiana Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ofisialy i Toamasina


Tsy diso anjara tamin'ny fanamarihana ofisialy ny andro eran-tanin'ny farmasiana ny tany Toamasina faritra Atsinanana. Nankalazaina ny 25 Septambra teo, tamin'ny alalan'ny fampirantiana nialohavan'ny diabe ny andro erantany ho an'ny farmasiana tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsinanana. Nikarakara izao hetsika miavaka izao, izay natao nanoloana ny lapan'ny tanànan'i Toamasina, ny avy amin'ny holafitry ny farmasiana, ny fikambanana farmasiana, nahitana ireo farmasiana sy laboratoara ary nisy koa nandritra izany ny fitiliana, sy fizaham-pahasalamana maimaimpoana toy ny tamin'ny aretina diabetà, ny tosidrà. Nanampy azy ireo tamin'ny fanololana fanafady azo antoka, nisy niaraka tamin'izany ny fanontanianana sy fampahafantarana karazampanafody.



Ny toerana nanatanterahana ny hetsika.

Fanja A.

BEHARO Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 445



- BL** = Bory Loha
- BR** = Bory Rambo
- MIV** = Mivadika
- MIK** = Mikorontana
- Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra
- Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0444)

- Mitsivalana**
- Sihanaka
- Enina
- Renirano
- Ala - Ka (miv)
- Totoina
- Re - Aza
- Sokafana
- (miv)
- Mitsangana**
- Soratra
- Elo
- Henatra
- Any - Feo (miv)
- Niray
- Kankana (miv)
- (Akan(y) - Azo
- OM - AI

TENY MIFANAPAKA N° 445

	A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1										
2				■						■
3					■				■	
4						■				
5	■									
6									■	
7										
8										
9	■								■	
10					■					

- Mitsivalana**
- 1. Fananganana trano vaovao
- 2. Ambany toerana - Marika
- 3. Hery sy tanjaka - Sahala (miv)
- 4. Fototry ny mozika - Hazandrano
- 5. Sakafo - Zavatra masina
- 6. Aviavy hoy ny Ntaolo - Maitso, fotsy, mena (BL)
- 7. Be taona - Mpitan-tsoratra
- 8. Nisintaka - Heloka
- 9. Najanona
- 10. Soloy - Kely fotsiny ihany
- Mitsangana**
- A. Fandalinana ataonao
- B. Miantso - Renirano
- D. Nandefasana taratasy
- E. Manondro toerana - Mpanoritra
- F. Heno mazava - Valizy vy (miv)
- G. Fanekana - Fanao amin'ny laoka (BR) - Enti-milaza
- H. Nanaraka sy nandalina fianarana - Simba sady masiso
- I. Tokyo mena ny mpividy - Tampsikaka (miv)
- J. Faran-teny - Antsasaky ny zato - Santa
- K. Malaky

Valiny Teny mifanaraka 0444

- Mitsivalana**
- 1. Fahavaloko
- 2. Ory - In - Jor(o)
- 3. Korontana
- 4. Alaina
- 5. Na - Enti-nay
- 6. Ovy - Tra - GN
- 7. Lo - Soa
- 8. Man - Avia
- 9. Njaka - Soa
- 10. AB - Tsia (miv) - La
- Mitsangana**
- A Fokonolona
- B. Aro - Avo - JB.D. Hira
- Ma E. Elo (miv) - Saka
- F. Vinantonay
- G. Antitra
- H. Tsaraina (miv)
- I. Nanjo (miv) - Ova (miv)
- J. Koa - Lainga (miv)
- K. Ro (miv) - Sinoa

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Fanja A, Helisoa


Fivorian'ny mpitarika ny antoko TIM tany Toamasina. Manohana ary manaiky izay fandaminana sy fanapahan-kevitra ny vondron'ny kandida ho filoham-pirenena sy ny mpiara-miombonantoka rehetra izy ireo, mba ho fifidianana tsy hitondra amin'ny korontana sy fanapotehana ny firenena no terena hatao.



Ny fanokafana ny taom-pianarana kabary Malagasy 2023-2024 tany Luxembourg ny herinandro lasa teo.



Ny diabe nataon'ny mpomba an'ireo kandida miisa 11, teny amin'ny manodidina ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina, omaly.



SARITATRA POLITIKA

BAIKONAO ARAK'ZAY ITIAVANAO AZY ZAMP'KETO MIARA MILA 'RETO MSA HAMPANGINA NY MIARA MANONJE DIA AMIN' ZAY 'NAREO MIARA MITONDRA SY MIARA...

MANDEHA IO WA DIA TSY MANARA IDALANA ARA RY LERY EH!!! HI HI HI

